NOSY BE

# NISY ZAVATRA NIPOAKA NAMPISAHOTAKA NY OLONA

4


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7506 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 25 febroary 2023


MARINA IZANY ! 7

## VONJY AINA KOSA E !

T'saroako ilay...

TOVO (MAKI PROD) 3



## NANAO RUGBY DIA TAPAKA NY TONGONY

MANANJARY



## NANAO BEMIDINA NAMONJY IREO TRABOINA NY FANJAKANA

7

VOLLEY - CCC ZONE 7 2

## HANAINGA ANIO HO ANY MAORISY NY STEF'AUTO

URBAN TRAIL 8

## HIADIANA AMIN'NY POLIO NY VOLA AZO REHETRA

MPIKATROKA TIM 7

# NIROHOTRA TENY BEL'AIR REHEFA NORARANA TSY HIDITRA NY MAGRO



UNESCO 3

# HANAMPY NY OMDA HIARO NY SANGANASAN'NY MPANAKANTO







Volley - CCC zone 7

# Hanainga anio ho any Maurice ny Stef'auto



**Miisa 16 ny delegasiona, ahitana mpilalao 12 sy mpitantana efatra.**

*Hatramin'ny, omaly, dia mbola tsy nahenoana vaovao ny klioban'ny Bi'As, izay ekipa efa nanambara ny amin'ny fandraisany anjara.*

Hanomboka anio atsy Maorisy ny andiany faha-27 amin'ny fiadiana ny amboaran'ny klioba tompondaka aty amin'ny faritra faha-7, taranja Volleyball. Handray anjara amin'izany i Madagasikara, izay hatramin'izao ny klioban'ny Zandarimaria Volleyball lehilahy sy vehivavy ary ny Stef'auto, izay hanainga anio no solontenantsika amin'izany. Hatramin'ny omaly kosa, tsy mbola nahenoana vaovao ny Klioban'ny Bi'As, izay ekipa faha-4, izay efa nanambara ny ho fandraisany anjara, saingy raha ny vaovao voaray, andalana mitady ny hoenti-manana izy ireo, ka mety handeha amin'ny ora farany. Mahakasika manokana ny Stef' auto, izay tompondakan'i Madagasikara, miisa 16 ny isan'ny delegasiona, ahitana mpilalao 12 sy mpitantana efatra. Anisan'ny nandray anjara hatrany tamin'ireo andiany teo aloha ity tompondakan'i Madagasikara ity ary tsy nitsangamenatra ny zava-bitany hatramin'izay. Antenaina fa mbola hanao ny farafahaizany hiarovana ny voninahipirenena izy ireo atsy Maorisy, izay tsiahivina fa amin'ny asabotsy 4 marsa no hifarana ity andiany faha-27 ity.

**Rabenaivo**

## FANDAHARAN-DALAO FARAN'NY HERINANDRO

*Mbola ireto taranja telo ireto ihany aloha hatramin'izao no mitana ny lohalaharana amin'ny fifaninanana isaky ny faran'ny herinandro eto andrenivohitra sy ny manodidina azy, dia ny baolina kitra sy basket-ball ary ny rugby, izay azo lazaina fa samy manana ny mpijeriny avokoa.*

### BAOLINA KITRA

**Tompondaka OPL 2022/2023**

**Sabotsy 25/02/2023**

*Stadium By Pass* / 2 ora sy 30min : MAMA FC Ihorombe # DATO FC Farafangana

*Kianja Ambohidratrimo* / 2 ora sy 30 min : TFFC Boeny # AS Fanalamanga Alaotra Mangoro

**Alahady 26/02/2023**

Kianja Ampasambazaha / 2 ora sy 30 min : Zanakala FC Matsiatra Ambony # JET Kintana Itasy

Stadium By Pass / 2 ora sy 30min: CFFA Analamanga # Elgeco Plus Analamanga

Kianja Maître Kira / 2 ora sy 30min : 3 FB Toliara Atsimo Andrefana # Disciples FC Vakinankaratra

Kianja Alarobia / 2 ora sy 30 : USCAFoot Analamanga # Tia Kitra FC Analamanga

Complexe Sportif Vontovorona / 2 ora sy 30 min : Fosa Junior FC Boeny # COSFA Analamanga

### BASKET-BALL

**Tompondakan'ny SBBAR 2023**

***Sabotsy 25 febroary 2023***

*Kianja Firaisana Anosisoa*

7 ora 30 : "U14G"/ SAC # ESI (A) ; 8 ora sy 30 min : "U18G"/ ESI # SEPA (D) ; 10 ora : "N1BD"/ Lucadro # ASSM (B) ; 11 ora sy 30 min : "U20G"/ Lucadro # TSBB (C) ; 1 ora : "U16F"/ ACA # SAC (A) ; 2 ora sy 30 min : "N1BD"/ Fandrefiala # JCBA (A) ; 4 ora : "N1BD"/ DBC # Akamasoa (A)

*Kianja Toby Ratsimandrava 1*

" N1BH – ¼ de Finales " / 7 ora sy 30 min – 12 ora : AKBB # NBE – SOE # AMBB – Fandrefiala # JAP MADA – COSFA # BCR

*Kianja Toby Ratsimandrava 2*

7 ora 30 : "U16G"/ DTSC # Fandrefiala (A) ; 9 ora : "U18G"/ COSPN # DTSC (B) ; 10 ora 30 : "U18G"/ AMBB # CBBT (A) ; 12 ora : "U18G"/ GNBC # MMBC (C) ; *Kianja Mandroseza* / 9 ora sy 30 min : "U16G"/ FBC # CCB (D) ; 11 ora : "U16G"/ COSFA # TACBB (B) ; 12 ora sy 30 min : "U18G"/ MB2ALL # BFFT (A) ; 2 ora : "S.VET- H"/ FOBB # AT2B ; 3 ora sy 30 min : "VET- D"/ ASBM # MMBC (B)

***Alahady 26 febroary 2023***

*Kianja Anosisoa* : 7 ora 30 : "U16G"/ LHBBC # AKBB (C) ; 9 ora : "U20G"/ AKBB # AMBB (D) ; 10 ora sy 30 min : "U16G"/ AMBB # SAC (A) ; 12 ora : "U16G"/ NBE # ASSM (B) ; 1 ora sy 30 min : "N1BD"/ ASSM # BCI (B) ; 3 ora : "U20G"/ MB2ALL # BFFT (A)

*Kianja Toby Ratsimandrava 1 sy 2* / 7 ora sy 30 min : "N1BD"/ ASA # Fandrefiala (B) – "U16G"/ MB2ALL # GIO SAO (D) ; 9 ora : "U20G"/ AST # ASA (A) – "U16G"/ ASA # DTSC (A) ; 10 ora sy 30 min : "U16G"/ AMBB # SAC – "U16G" / FBC # GNBC (D) ; 12 ora : "U20G"/ Fandrefiala # GNBC (B) – "U16G" / COSFA # ESI ; 1 ora sy 30 min : "N1BD"/ ASSM # BCI (B) – "N1BD"/ Akamasoa # FBC ; 3 ora : "U20G"/ GIO SAO # LHBBC – "VET D"/ JAP MADA # CBBT.

### RUGBY

**Malagasy Rugby – Tompondaka TOP 20**

*Kianja Makis Andohatapenaka – **Alahady 26/02/2023***

9 ora : COSFA # JSTA Ambondrona

11 ora : US Ikopa # FTBA Andohatapenaka

1 ora : FTM Manjakaray # FTAT Anosibe

3 ora : TAM Anosibe # FBM Bemasoandro

**Marovatana Rugby – "Amboma Champion"**

*Kianja Gatema Mamory Ivato – **Alahady 26/02/2023***

"2 ème Division"

8 ora : US2A Anosisoa # ATM Ankazomanga

9 ora sy 30 min : FITAM Anjanakibory # FBA Betafo

11 ora : Ibis Noire Ambodimita # XV Taureaux Antanjombe

« 1 ère Division Elite II »

1 ora sy 30 min : FCA Analamanga # FIFITA Anosivavaka

3 ora : FIMAD Ambohidroa # RCAM Ambodihady

**aris rafaly**

ASIEF - Fifaninanam-pirenena 2023

# Hatao ny 31 jolay hatramin'ny 12 aogositra any Toamasina

Amin'ny 31 jolay hatramin' ny 12 aogositra no hanatanterahana ny andiany 2023 amin'ny fifaninanam-pirenena ASIEF. Hiverina any Toamasina indray no hampiantrano izany, ka efa nampiomana dieny izao ny filohan'ny fikambanana, Andrianarison Jean Aimé Botosera, mba ho vonona amin'ny fiatrehana izany ireo Minisitera sy andrimpanjakana voakasika. Anisan'ny fotoana andrasan' ireo mpandray anjara izany, satria ankoatra ny fifaninanana handrombaka medaly sy amboara ary ny anaramboninahitra dia fotoana hifaneraseran'izy ireo mivantana izany, ary hahafahana mifanakalo amin'ny lafinjavatra maro. Azo antoka ihany koa, hitazona ny fitsipika sy lalana mifehy ny fifaninanana ny mpitantana ny ASIEF, anisany tena lehibe indrindra ny fanaraha-maso ireny mpilalao "mercenaire" ireny, izay saika manimba endrika ny fifaninanana matetika. Tao anatin'ny taona nitantanan'ny ekipan'ingahy Jhon Love ity fikambanana ity, betsaka no efa nahatrarana izany ary tsy nilefitra nanoloana izany izy ireo, fa izay tratra avy hatrany dia nampiarina taminy ny sazy mifanaraka amin'izany, toy ny fanesorana an-daharana avy hatrany ilay Minisitera na Andrimpanjakana. Tsy nijeren'izy ireo olona na tomponandraikitra ambony isankarazany izany, fa izay manao ny tsy mety dia mahazo ny sahaza azy. Antenaina hitohy hatrany ny toy izany, izay ilaina hapetraka hahafahana mandroso sy manatsara hatrany ny fifaninanana.

**Rabenaivo**

Rugby

# Mpitsara lalao telo no voadaroka tamin'ny taom-pilalaovana 2022

Nitondra fanazavana momba ilay tranga niseho tamin'ny fiadiana ny "Super Coupe" tamin'ny alahady lasa teo iny ny mpitsara lalao Souleman. Ankoatra ny fanazavany ny zava-nitranga teny ambony kianja ka nahatonga ny fampitsaharana ny lalao (tsy fetezana niatrika ny lalao intsony – fanosehana – teny fandrahonana sy ratsy…) , dia nomarihany fa efa nahatratra telo ny mpitsara lalao namany no efa niharan'ny daroka tamin' ny taon-dasa. Araka izany dia handray fepetra hentitra ny fianakaviamben'ny mpitsara lalao, mialoha ny anombohana ny TOP 20, rahampitso, mba tsy hiverenan'ny tahaka izany intsony amin'ity taom-pilalaovana ity. Tsorina fa tena nitondra henatra teo anatrehan'ireo vahiny nasaina, nanao tombana momba ny baolina lavalava teto amintsika, iny trangan-javatra niseho tamin' ny fihaonan'ny COSFA sy ny FTM Manjakaray teo iny. Ankoatra izany dia fantatra fa nisy ny fivoriana nataon' izy ireo tamin'ny alakamisy teo. Nentina nandravonana ny disadisa nisy teo anivon'ny mpitsara lalao, izay fantatra fa nivaky roa ihany koa tamin' ny olana nisy teo amin'ny mpitantana ny ligy sy ny federasionina. **aris rafaly**


## À VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY TARIKA

mahaleo



Izy ireo no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity

Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

*Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 23 febroary 2023*

midimadagasikara

Tsaroako ilay...

Tovo (Maki prod)

# Nanao rugby dia tapaka ny tongony

***Tovomanana, Mpamokatra, mpanatontosa horonan-tsarimihetsika, nanorina sady mpitantanana ny trano mpamokatra Maki Prod. Nankalaza ny 20 taona niorenany izy ireo ny 2 septambra 2022 teo. Horonan-tsarimihetsika maherin'ny 100 sy rindran-tsarin'ny artista miisa 500 ; dokambarotra 100 ary horonan-tsary fanadihadiana 5 no efa novokariny. Hitantara ny fahatsiarovany amintsika kosa izy anio :***

**Mijery visa A ao anaty rano-potaka**

Teny Andravoahangy tsena iny no toerana nahalehibe an'i Tovo. Iny faritra iny no nitaiza ny fahazazany. Tamin'ny fotoan'androny, dia ny fijerena video no tena nanamarika ny fialambolin' ny ankizy mitovy taona aminy. Manodidina ny 9 taona tany ho any izy tamin'ity tantara iray ity. Feno mpandefa vidéo tamin'izany ny manamorona ny lakan-drano fandehanan'ny rano maloto amin' iny Andravoahangy iny. Intelo mandefa filma tamin' izany ny trano fijerena video tamin'iny faritra iny : amin' ny 2 ora tolakandro sy amin'ny 4 ora ary amin'ny 6 ora hariva. Amin'ny 4 ora no mandeha ny filma visa A (X), ka tsy mahazo miditra ny ankizy. Mangetaheta mafy anefa izy sy ireo bandy kely mitovitovy taona aminy, ka mahavatra miroboka rano maloto mihitsy mitsiritsirika mijery ilay filma. Indray andro ary sendra nisy lehilahy nandrora paraky ka nifotetaka teny amin'ny tarehiny. Nihaoka nandoa mihitsy izy tamin'izay.

**Mitantara filma any ampianarana**

Tany amin'ny ambaratonga voalohany, sekoly katolika hatrany no nianaran'i Tovo. Voafehy tsara satria mianatra marain-tsy hariva ary tena nahay hira sy tia fianarana be mihitsy. Mazoto mihitsy aza izy tamin'ny fahazazany ny miservy an' ny Mopera any ampiangonana rehefa tonga ny alahady. Rehefa afaka Cepe sy 6 ème kosa anefa, dia nampidirin'ny ray amandreniny teny amin'ny CEG Nanisana. Lasa nitombo ny fotoana tsy nianarana, ny taona ihany koa efa mitombo ka nanita-tsaina amin'ny zavatra tsy misy dikany indraindray. Lasa nanana fotoana betsaka hijerena video, ka rehefa tonga any an-dakilasy dia variana mitantara video fotsiny no ataony. Izy rahateo amin'ny maha lava vaventy azy dia any amin'ny faran'ny dabilio no apetraky ny mpampianatra. Matetika izy no tratra, dia voasazy foana. Soa ihany fa nahay fianarana.

**Nanao « rugby » dia tapaka ny tongony**

Ankoatra ny fijerena video, izay nanamarika ny fahazazany ary tena nankafiziny tokoa. Ny filalaovana rugby ihany koa no tena angadin'i Tovo ary mbola tsy foiny hatramin'izao. Izy rahateo nofosana mety tsara aminy ny filalaovana io taranja somary maherihery eo amin'ny sehatry ny fanatanjahantena io. Mbola kely izy, dia efa hitan'ny mpanazatra ny talentany, ka fotoana fohy monja no nijanonany diviziona fahatelo tamin'ny klioba teo Andravoahangy fa nampiakarina diviziona faharoa haingana. Efa nilalao tao amin'ny FTM Manjakaray izy, izay ekipa anisan'ny matanjaka teto Antananarivo. Fa ny fahatsiarovana nanamarika azy ary nampalahelo azy, dia izy tapaka tongotra tamin' ny lalao fanazarantena mialoha ny hiatrehana lalao goavana ka tsy afaka nanatanteraka izany.

**Nitsoraka tao amin'ny ranon'Andriantany**

Tamin'ny 1999 no niditra teo amin'ny tontolon'ny filma i Tovo. Mpilalao aloha, ka filma 3 no nolalaoviny hatramin'ny taona 2000. Anisan'ny nanamarika azy tamin'izany ny nahazoany loka tamin'ilay filma "Coucou" tamin'ny Movie fest Rta. Taorian'izay, nandeha irery amin'izay i Tovomanana ka efa voalaza ery ambony ny vokatra. Fa ankoatra izay, mampiavaka an'i Tovo ny fahaizany manao "cascade" na vy very aina ireny. Tena sahy ny lehilahy ka marobe ny zava-bitany teo amin'ny tontolon'ny sinema gasy. Ny azy mantsy rehefa milalao filma, ka misy ny hoe adiady mifandaka sy totohondry dia tena izy mihitsy no atao. Tamin'ny 2017 tamin' ny nilalao ny filma « Benja kely », dia nitsoraka tao amin'ny ranon'Andriantany mihitsy ny lehilahy satria izay no voasoratra dia nataony. Tamin'ny «Rakay 3» ihany koa dia nosimbaina mihitsy ny fiara, nopotehana ny "pare brise".

**Nangonin'i Fy**

Tarika Kiaka

# Hanolotra fampisehoana ao amin'ny Zaimaika anio

Hanolotra fampisehoana ao amin'ny Zaimaika etsy Analakely ny tarika Kiaka anio. Hanomboka amin'ny 7 ora sy sasany hariva ny fotoana amin'io. Toerana iray manan-tantara ho an'ny tarika Kiaka moa ny ao amin'ny Zaimaika etsy Analakely, raha araka ny resaka nifanaovana tamin'i Nini, dia nisy fivarotam-boky teo anoloan'ny Zaimaika io taloha ary dia tena tiany mihitsy ny mamaky boky teo. Olona iray izay "manager" an'izy ireo no nahatsikaritra azy teo foana ka nanatona nanontany azy tamin'izany raha toa izy liana ny hihira "rock", izy rahateo lava volo



**"Au grand complet" ny tarika amin'io.**

be tamin'izany. Nanaiky izany fangatahana izany izy ary niresaka tamin'ireo namany ka dia nanomboka teo no niorina voalohany ny tarika. *"Tsy ampoizina hoe fito amby telopolo taona aty aoriana dia hanao fampisehoana ao amin'io toerana niandohanay io izahay"* hoy i Nini manazava. Efa navaozina be rahateo ny ao amin'ny Zaimaika ka dia azo hanaovana fampisehoana tsara mihitsy. Mahazaka olona maro ary misy ny toerana azo isakafoanana ihany koa. Mahafaly azy ireo ny hiaka-tsehatra ao ary dia amin'ny maha toerana manan-tantara azy izay dia hiavaka ny zavatra ho hita ao. Azo resahana ohatra ny hoe, ireo hira taloha izay nahafantarana an'ny tarika no anisany tena hahazo vahana ao. Mbola misy koa ny zavatra hafa tsy ampoizina ka dia antenaina fa ho maro isika ny hanohina ny antso indrindra fa izay efa mpankafy ny tarika hatramin'izay.

**Tanya.R**

HOTSAKOTSAKOINA

«Raha mahatsapa ianao fa nanao ny tsara dia tsy ho voafitaka, tsy ho diso, raha mbola ao ny TSITOHA.»
Ny Vetso (13.11.13)
(«Et ceux qui ne font rien, ne se trompent jamais.»
Théodore de Beauville)

Unesco

# Hanampy ny Omda hiaro ny sanganasan'ny mpanakanto

Tsy azo hiodivirana intsony ny firoborobon'ny Teknolojia vaovao amin'izao fotoana izao ary efa saika amin'ny alalan'ny "internet" sy ny tambajotran-tserasera no ahafahan'ny olona manaraka ny vaovao misy maneran-tany ary tafiditra ao anatin'izany ny fihainoana mozika. Betsaka ny rindram-baiko ahafana manaraka izany saingy tsy ampy ny fanaraha-maso. Manoloana izany, mba hahafahana miaro ny sanganasan'ny mpamorona sy hisitrahany ny tombotsoa mety ho azony dia nilaza i Toussaint Tiendrebeogo, Sekretera eo anivon'ny UNESCO misahana ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny fikajiana sy ny fampiroboroboana ny endrika samihafa hanehoana ny Kolontsaina fa hanampy ny Omda. Manana andraikitra amin'izany izy ireo ary tafiditra ao antin'ny andraikitra tokony ho sahaniny araka ny fifanarahana vita Sonia. Tena fandaharanasa mifandraika amin'ny tanjona apetrak'ity rafitra eo anivon'ny Firenena Mikambana ity ny ho fiarovana ny artista ao anatin'ny fivoaran'ny teknolojian'ny fifandraisana ankehitriny. Fantatra moa izany nandritra ny fikaonan-doha iraisam-pirenena natao tany amin'ny UNESCO tany Paris France. Ny Ministeran'ny Serasera sy ny Kolontsaina no nitarika ny delegasionina Malagasy niatrika izany.

**Tiaray R**

Fjkm Katedraly Analakely

# Antsam-piderana lehibe hanamarihana ny iray volan'ny AMA

Tahaka ny sampan rehetra, manana iray volana isan-taona hanamarihany fisiany eo anivon'ny FJKM Katedraly Analakely ny Antoko Mpihira Analakely na ny AMA. Amin'ity taona ity dia rahampitso Alahady hanomboka amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro amin'ny alalan'ny rindran-kira arapilazantsara goavana no hanamarihana izany. Nanasa mpihira sy mpanakanto ara-pilazantsara ary antokom-pihira maro izy ireo amin'io fotoana io ka anisan'ny handray anjara amin'izany ny Tarika Noely Sakelidalana, Laurent Rakotomamonjy, Henri Ratsimbazafy. Fa ankoatra izay dia handray anjara ihany koa ny sampana velona eo anivon'ny FJKM Katedraly Analakely sy antoko mpihira hafa toa ny FIMPIZKA, STK Anosizato Hebrona, Tafika Miantsa, Tafika Chorale, Pasteur Mickaël Ravelosoa, Ny Akon'I Kristy Velona, Ny Roimemy, Iraka Saham-pitaizana ary ny tompom-panasana Antoko Mpihira Analakely. Efa nisy moa ny fampiaraham-peo teo amin'ny AMA sy Dadah Rabel fony fahavelony. Ary tsy vao izao ihany koa ry zareo no nansa antoko mpihira hiaraka hidera aminy. Amin'ity rahampitso alahady ity dia tsy misy ny vidim-pidirana fa natao maimaimpoana ary ny tenin'Andriamanitra hoe "Mifalia amin'i Jehovah, ry olo-marina, Ary miderà ny anarany masina" no loha hevitra nampitondraina ity rindran-kira arapilazantsara ity. Amin'ity fotoana ity ihany koa no hamarotana ny Rakikira vaovao (VCD) ny Antoko Mpihira Analakely mitondra ny lohateny hoe "Ampy ahy".

**Tiaray R**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### COURS

* Cours d' Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 488/4-2)

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-7)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy ; coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-7)

### A VENDRE

* A vendre. TV couleur SHARP x flate, autovoltage + télécommande. Tél. 033.80.511.07. (G-BA 489/2-2)

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, kiraro, TV, debara sns. Tél : 033.72.834.38 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-20)

* Lamba, poketra, kiraro, fanaka, bisikileta, machine, cahier, debara. M. SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 475/10-9)

* Fanaka, debara, frigo, boky, TV, kiraro, vy, kilalao. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 486/10-3)

### SERVICE

* Vidange wc & puisard, construct°, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 483/7-5)

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 487/6-3)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, puisard, réparation, réhabilitation. Tél : 038.42.629.39 / 033.15.941.80. (G-BA 476/20-8)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 033.03.487.21. (G-BA 481/10-7)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 479/20-7)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.42.941.37. (G-BA 484/10-4)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 034.86.213.53. (G-BA 485/15-3)

Nosy Be

# Nisy zavatra nipoaka nampisahotaka ny olona

Nisy fipoahan-javatra nanaitra ka nampisahotaka ny olona niseho tany amin'ny fokontany Maridoka any Nosy Be afakomaly hariva. Zavatra nanidina ambony izy io ka gaga avokoa ny olona nahita izany, nisy hazavana nirehitra ihany koa ilay izy, araka ny fanazavana azo. Nony avy eo dia nilatsaka tany anaty ala teo ambony vato ka nipoaka. Taitra ny manodidina nanoloana izany zava-niseho izany. Nisy ny nampandre ny zava-nitranga ny mpitandro filaminana tany an-toerana ka rehefa nahafantatra izany izy ireo dia nandeha nidina ifotony. Samy tonga tany na ny polisy na ny zandary ary niara-nijery ny zava-nisy izy ireo, nanao fanadihadiana sy ny fikarohana ny fiavian' io zavatra nipoaka io. Ny polisy no mandray an-tanàna ity raharaha ity ka efa notazonina tao amin'ny kaomisarian'ny polisy io zavatra hita io hanaovana fanadihadiana. Ny fanazavana azo hatrany no nahalalana fa io zavatra io dia fantsona vita amin'ny "aluminium" misy "ressort" sy vovoka fotsy ao anatiny izay mirefy 10 sentimetatra eo ho eo ny halavany. Misy tady efatra mifatotra amin' ny "ressort" sy amin'ny "sachet" toy ireny parachute ireny. Fofona vanja no heno tao anatiny fa tsy lasantsy. Soa ihany aloha fa tsy nisy ny olona naratra na namoy aina nandritra izany fipoahana izany. Mitohy ny famotorana.

T.H

Ankazobe

# Jiolahy iray tanan-kavanan'Iarisy maty voatifitry ny zandary

Raikitra ny fifampitifirana teo amin'ireo zandary andaniny sy ny jiolahy ankilany omaly tany amin'ny toerana antsoina hoe Merimanjaka any amin'ny fokontany Anosikely sud, any amin'ny kaominina Ambolotarakely ao anatin'ny distrikan'Ankazobe. Jiolahy iray antsoina hoe Lako no maty nandritra izany. Fantatra fa tanan-kavanan'ilay lehiben'ny jiolahy antsoina hoe Iarisy io lavon'ny balan'ny zandary io. Ity jiolahy antsoina hoe Lako ity araka ny fanazavana azo dia efa ela no nokarohin'ny zandary azy noho ny asa fampirohorohoana any amin'iny faritra Ankazobe iny. Nanao hetsika fampandriana fahalemana tany an-toerana ny zandary ka nandritra ny nanaovan' ireto mpitandro filaminana izany asany izany no nifanehatra tamin'ny jiolahy nitondra basy izy ireo rehefa tonga teo amin'io toerana voalaza etsy ambony io. Tsy nanaiky lembenana ny olondratsy ka nisy araka izany ny fifandonana teo amin'izy ireo sy ny mpitandro filaminana ary io nitarika ny fahafatesana teo no ho eo ho an'ilay jiolahy iray izany. Ny fanampim-panazavana no nahalalana fa anisan'ny nandray anjara tamin'iny fandorana trano niniana natao izay nahafatesana olona 32 tany Ambohitriniandriana tany amin'ny fokontany Anosikely sud izay niseho ny 29 jolay 2022 ity jiolahy antsoina hoe Lako ity.

T.H

Manakara

# Rongony 1 115 fonosana saron'ny zandary



Mitohy hatrany ny ady atao amin'ny firongatra sy ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina, ataon'ny zandary avy ao amin'ny vondrontobim-paritra sy tobim-paritra Manakara, tarihin'ny kapiteny Rakotomalala Judicaël. Lehilahy iray indray no nosamborina rehefa narahana efa hatry ny ela. Ity olon-dratsy ity dia mpifoka, mpamatsy ary mpivarotra rongony. Nisy araka izany ny loharanom-baovao avy amin'olona tsara sitrapo ka nahitam-bokany izany. Tratra tao Tanakidy kaominina ambanivohitra Ambahatrazo, distrikan'i Manakara, faritra Fitovinanyio lehilahy io. Fonosana rongony 1115 fonosana sy ravin-drongony tapa-gony no tratra tao aminy nandritra izany. Izany hoe mitotaly 15 kilao eo ho eo ny lanjan'ireto rongony rehetra ireo. Mitohy ny fikarohana izay mety ho mpiara-miasa aminy. Tanjona ny hanafoana ity tambajotra amin'ny resaka rongony ity ao amin'ny faritra Fitovinany.

**Voarohirohy**

Ny tobim-paritry ny zandarimaria Manakara no misahana ny famotorana an'ilay raharaha. Ankoatra ny fahatrarana rongony dia tafiditra anatin'ny fikambanan-jiolahy ihany koa izy satria raha ny famotorana natao dia anisany voarohirohy mahakasika asan-jiolahy teny Ampasimanjeva ity farany. Nisy jiolahy nanao fanafihana ny febroary lasa teo ka ahiana ho anisany namatsy rongony azy ireo alohan'ny nanaovan'ireto jiolahy ny asa ratsiny ilay lehilahy voasambotra io. Nahafatesana olona ilay fanafihana mitam-piadiana tamin'io fotoana io, izay nitranga tany Agnalamirafy Ampasimanjeva, hoy ny loharanom-baovao.

Ariel D.

Ambositra

# Mpangala-katsaka novonoin'ny olona

Nanaovan'ny olona fitsaram-bahoaka ilay mpangalatra katsaka voasambotry ny fokonolona tao Maharivo fokontany Ambohimpiarenana kaominina ambonivohitra sy distrika Ambositra, ny alakamisy teo. Lehilahy sahabo ho 40 taona eo ho eo. Tsy fantatra ny mombamomba azy fa raha ny angom-baovao dia niharan'ny hatezeran'ny olona izy. Vokatry ny vono sy ny daroka dia tsy tana ny ainy na dia nezahana notsaboina ihany tao amin'ny hopitaly. Vahiny avy any amin'ny tanàna iray atao hoe Ambinanindrano ity lehilahy ity. Voalaza fa tratra nangalatra katsaka ka namoy ny ainy niharan'ny fitsaram-bahoaka. Rehefa hita fa naratra mafy ilay lehilahy dia nisy ny famonjena ny ainy ka fiaran'ny Vondrona « ONG VOZAMA » tao Ambositra no nanatitra azy avy hatrany teny amin'ny hopitaly « CHRR ». Natao ny fitsaboana sy ny fikarakarana rehetra, nefa tsy tana ihany ny ain'io lehilahy io, ny alin'iny andro iny. Hatreto dia tsy misy olona nahafantatra azy . Mbola tsy fantatra ihany koa izay mety ho fianakaviany. Noho izany dia voatery najanona ao amin'ny tranom-paty ny razana. Ny zandary no mandray an-tanana ny tohiny fanadihadiana.

Ariel D.

Anosizato

# Nisy namaky ny biraom-pokontany, very hatramin' ny lisitry ny mpifidy

Nisy namaky ny biraom-pokontany teny amin'ny fokontany Ambanimaso teny Anosizato Andrefana. Zavatra maro no very tao toy ny lisitry ny mpifidy miisa telo, vola mitentina 240000 ariary, solosaina sy imprimante, ampli iray, lambam-pandriana, rideau, sac de couchage, chargeur ana telefaonina ary prise multiple. Tombanana ho ny alin'ny alarobia talohan'io no nisehoan'io fandrobana birao io fa tsy nisy olona nahita izany tamin'ny fotoana nisehoan'ny asa ratsy. Ny alakamisy maraina lasa teo vao fantatra ilay fahavakisana ka nampandrenesina avy hatrany ny zandary teny an-toerana. Raha vantany vao naheno izany ireo mpitandro filaminana dia nandeha nanao fidinana ifotony nanao fitsirihana ny zava-nitranga. Efa mandeha ny famotorana sy fikarohana ny olon-dratsy amin'izao fotoana izao. Hatreto aloha mbola tsy nisy ny olona voasambotra.

T.H

## Tatsy sy taroa

***#Araka ny toromarika izay napetrakin'ny Minisitrin'ny Fiarovam-pirenena ny Jeneraly Rakotoarijaona Josoa dia an-kianja ny miaramila. Manampy ny vahoakan'ny Mahanoro amin'ny fanarenana ny takaitra navelan'ny rivodoza ny miaramila avy amin'ny ZDS Pangalana ankehitriny.*** Ankoatran'ny fanomezan-tanana amin'ny fanarenana ireo trano simba dia manala ny hazo nianjera sy manapaka ireo mbola ahiana hitera-doza ihany koa izy ireo. Etsy ankilany dia manao fisafoana mba hanamafisana ny fandriampahalemana ary manao fizaham-pahasalamana maimaim-poana ireo miaramila mpitsabo mpanampy misehatra any an-toerana.

***#Nanatanteraka fambolen- kazo ny Polisim-pirenena ho fanatanterahana ny Politika ankapobeny ho fitondrampanjakana amin'ny famerenana indray ny firenena malagasy ho nosy maitso .*** Natao teny amin'ny Akany fitaizana zaza kamboty tany Ambatolampy izany. Miisa 1750 ireo zanakazo novolena ka ny Minisitry ny Filaminambahoaka « Contrôleur Général de Police » Randrianarison Fanomezantsoa no nitarika ny hetsika.

Ariel D.

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Daholo**




## Hatsikana an-tsary

**Anarana**




## Masoandro miposaka

**Efesiana 6 : 10-11**

Farany, mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny herin'ny faherezany. Tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* **Nil**

## Ohabolana



**Mafana-fana hoatra ny ratsy ataon-kavana.**

Pénible(litt. assez chaud) comme le mal fait par des parents (ou amis).

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2889

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | | 2 |
| 5 | | 6 | | | | 8 | | 1 |
| | | 9 | | | 3 | 5 | | |
| | 6 | 1 | | | 4 | 9 | | 5 |
| | | | | 1 | | | | |
| | | | | 3 | 8 | | | |
| | | 8 | 4 | | | 1 | 7 | |
| 6 | | 4 | 9 | | | | | |
| | | | | | | | 2 | 9 |

Valin'ny laharana 2888

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 8 | 6 | 1 | 5 | 3 | 9 | 7 | 4 |
| 5 | 9 | 3 | 4 | 7 | 2 | 1 | 8 | 6 |
| 7 | 1 | 4 | 9 | 6 | 8 | 5 | 3 | 2 |
| 6 | 2 | 8 | 7 | 9 | 1 | 4 | 5 | 3 |
| 9 | 4 | 1 | 8 | 3 | 5 | 6 | 2 | 7 |
| 3 | 5 | 7 | 6 | 2 | 4 | 8 | 9 | 1 |
| 4 | 7 | 5 | 2 | 8 | 6 | 3 | 1 | 9 |
| 1 | 3 | 9 | 5 | 4 | 7 | 2 | 6 | 8 |
| 8 | 6 | 2 | 3 | 1 | 9 | 7 | 4 | 5 |

Mpikatroka TIM

# Nirohotra teny Bel'Air rehefa norarana tsy hiditra ny Magro

*Tondroin'ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana ho baiko avy amin'ny mpitondra hatrany izao fanakantsakanana ny hetsika ataon'izy ireo izao.*



Voaporofo indray fa mbola mpifaninana manelingelina ny olona eo amin'ny fitondrana mety ho kandidà filoham-pirenena amin'ny taona 2023 Ing. Marc Ravalomanana sy ny mpanaradia azy. Taorian'ny teny Talatamaty farany teo dia tsy navela namory vahoaka ankahalalahana teny antokontanin'ny Magro Behoririka indray ny mpomba ity filoha teo aloha ity, omaly. Nahetsika nanakana ny hetsika ny mpitandro ny filaminana milanja fitaovampiadiana ary tazana teny amin'ny manodidina nitarika izany mihitsy ireo minisitra tomponandraikitra. Nobahanana ny vavahady ka tsy nisy tafiditra tao anatin'ny kianjan'ny finoana ireo mpikatroka TIM namaly ny antso. Toy ny mahazatra dia niezaka nifampiresaka tamin' ny mpitandro ny filaminana ihany ireo solombavambahoaka TIM tonga teny antoerana kanefa tsy raikitra hatramin'ny farany ny hetsika. Fihaonana amin'ny vahoaka nokendrena hanentanana ny olom-pirenena hanoratra anarana ao anaty lisitry ny mpifidy.

**Baiko nidina**

Tsy nihonona tamin'izany anefa ny vahoaka, izay efa tsindrian-dahona hifanatritava amin'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana ka nirohotra nankeny Bel'Air misy ny foibe toeran'ny antoko Tiako I Madagasikara. Nitarika azy ireo tamin' izany ny ankamaroan'ireo olom-boafidy TIM eto an-dRenivohitra ary nanaramaso akaiky teny antsefatsefany teny ny mpitandro ny filaminana. Nigadona teny Bel'Air ihany ny vahoaka minitra maromaro taty aoriana ary tazana teny an-toerana ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana. "*Na eo aza ireo sakana sy ramatahora, miroso hatrany isika hanentana ny olompirenena hanoratra anarana ao anaty lisitry ny mpifidy* », hoy ity filohan'ny antoko TIM ity nandritra ny lahateniny. Notsipihany ihany koa fa tsy tokony hanome tsiny ny mpitandro ny filaminana amin'izao sakantsakana izao ny vahoaka satria baiko milatsaka avy any ambony no tanterahan'izy ireo.

**Mamy R.**

Mananjary

# Nanao bemidina namonjy ireo traboina ny fanjakana

Tsy nijery fotsiny fahavoazan'ny vahoaka vokatry ny fandalovan'ny rivodoza Freddy tao amin'ny distrikan'i Mananjary ny mpitondra. Omaly dia nanao bemidina namonjy sy nitondra fanampiana ho an'ireo traboina tany an-toerana ireo tomponandraiki-panjakana isan-tsokajiny. Nitarika ny delegasiona tamin'izany ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina. Tazana niaraka taminy koa ny Filohan'ny Antenimierampirenena Razanamahasoa Christine, ny Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona avy amin'ny faritra Atsimo Rabemananjara Nicolas. Mpikamban'ny governemanta valo be izao no nanotrona ny Filoham-pirenena tamin'ny hetsika. Tafiditra tao anatin'izany ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, Minisitry ny Mponina, Minisitry ny Paositra, Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, Minisitry ny Asa Vaventy, Minisitry ny Fitsarana, Minisitry ny Angovo, Minisitry ny Asa sy ny Asam-panjakana, ary ny Minisitry ny Fitaterana. Namafisin'ny Filoha Andry Rajoelina nandritra ny fandraisam-pirenena izay nataony fa tsy hadinoina intsony Mananjary sy Vatovavy. Nambarany ihany koa fa hisy ny zavatra hatao ao anatin'ny fotoana fohy ho vonjy rano vaky sy ireo asa lavitr'ezaka. Anisan'izany ny famonjena ireo marary sy traboina, ary ny fanamboarana ny fotodrafitrasa potiky ny rivodoza. Nanolotra fiara vaovao fitondrana marary ho an'ireo distrika efatra ao anatin'ny faritra Vatovavy ny tenany tamin' izany.

**Notolorana 200.000 ariary**

Mikasika ny fanampiana ireo vehivavy, dia nambarany fa hisy ny fanomezana fampiofanana sy asa ho an'ireo izay mivondrona ao anaty fikambanana. Momba ny angovo, nilaza ny Filoham-pirenena fa isan'ireo hitsitraka ny jiro mande amin'ny herin'ny masoandro ny ao Mananjary. Nizara sakafo masaka ho an'ireo traboina tany an-toerana ihany koa ny Filoha. Tamin' izany no namaliany bontana ireo mpitsikera azy, ary nilazany fa "*manompo vahoaka ny Prezidanareo fa tsy tompoina* ». Notolorany vola 200.000 ariary isampianakaviana ireo traboina tao an-toerana. Marihina fa misy 1503 izy ireo. Mialoha ny hiverenan'ny Filoha hitodi-doha taty Antananarivo, dia niatrika ny "Asa Tanamaro" tao Lycée Mixte Justin Manambelona izy.

**JUDD**

Firenena Mikambana

# Nisafidy ny hitaky ny hialan'i Russie any Ukraine i Madagasikara

Isan'ireo firenena nandray anjara tamin'ny latsa-bato izay natao tao amin'ny Firenena Mikambana (ONU) ny alakamisy teo momba ny ady any Russie sy Ukraine i Madagasikara. Fehinkevitra nisafidianana tamin' izany ny fitakiana ny hialan'i Russie tsy misy hatak'andro any Ukraine. Taorian'ny latsa-bato, dia nisafidy ny Eny ka tafiditra ao anatin' ireo firenena 142 nitaky ny hialan'ny tafika Rosiana any Iokraina i Madagasikara. Nankatoa ihany koa ny fampitsarahana avy hatrany ny fifanandrianana eo amin' ny firenena roa tonta koa isika. Nisy fito ireo firenena nitsipaka marindrano izany, ary 32 tsy nilaza ny heviny. Manomboka hita izao fa mirona tsikelikely makany amin'ny Tandrefana ny diplômasia Malagasy raha nisafidy ny tsy fombana ny atsy na ny aroa teo aloha. Marihina fa feno herintaona katroka omaly 24 febroary ny nanombohan'ny adin'ny Rosiana sy Iokraina.

**JUDD**


**HASIN'I GASIKARA**

**Fampianarana KABARY**

Isaky ny Alahady amin'ny 2 ora. Fanombohana : 05 Martsa 2023.

Toerana : - ABC School 67 Ha
- Ecole Primaire Rasalama

Tél. : 034 44 708 63 / 034 01 214 27 / 033 07 154 23

G/CL 433/12-7


## Marina izany !

### Vonjy aina kosa e !

**Na dia lainan'ny sasany aza dia laraha-mahita na eny amin'ny fiarahamonina, na eny amin'ny tambajotra sôsialy na amin'ny fampahalalam-baovao samihafa fa latsaka an-katerena tanteraka ny sôsialin-dRamalagasy. Mitombo isan'andro ny mpangataka sy ny mpitsindroka eny amin'ny fanariam-pako ary matory amoron-dalana. Ankoatra izay, mateti-pitranga tato anatin'ny volana vitsivitsy izao ny mpiray tanindrazana maty, noho ny hanoanana na ny tsy fananam-bola hitsaboan-tena. Izay ny mateti-pitranga eto an-drenivohitra fa mbola mafy noho izany ny zava-misy any ambany ravin-kazo any, indrindra any amin'ireo faritra nianjadian'ny rivodoza farany teo. Nisy ny namoy havana; ny tsy manan-kohanina; ny rava fananana. Andro maromaro aty aoriana anefa, mbola tsy nahazo fanampiana ny traboina. Manoloana izany, heverina fa rariny sy hitsiny raha mifanampy sy mifanohana ny samy Malagasy, na inona inona mety ho antony na ao ambadik'izany dia vonjy aina kosa e! trano atsimo sy avaratra, hoy ny Ntaolo ka izay tsy mahalen-kialofana. Valala iray aza hono ifanapahana. Tanana havia sy havanana ka izay didia-maharary. Taratry ny fahendrena Malagasy avokoa izany ka tsy tokony hariana na ho tsinontsiniavina. Ny somary mampametra-panontaniana anefa dia ny fampifangaroana ny pôlitika sy ny fitsinjovana ny ain'olona ka nahatonga ny fisakanana ny fizarana fanomezana, tany amin'iny faritra Atsimo Atsinanan'i Nosy iny. Baiko nidina ve sa ny manam-pahefana isan-tokony tany an-toerana na ny olobe no nandray fanapahan-kevitra manokana? Fanapahan-kevitra heverina fa mihoatra ny antonony kosa, na dia ho fitsinjovana ny mahaolona fotsiny aza! Ambonin'ny zava-drehetra kosa ny aina e !**

Voahangy Rakotozafy

Base Toliara

# Miziriziry amin'ny tokony tsy hisokafany ny Fikambanana Masikoro

Nanamafy ny fanoherany ny fitrandrahana fasimainty ataon'ny Orinasa Base Toliara any amin'iny tapany atsimon'ny Nosy iny ny fikambanana Masikoro Arivolahy tarihan-dry Tsifidy Kalay Harison. Omaly, nampiantso mpanao gazety nitakiany ny hampitsaharana tanteraka ny fitrandrahana ireto zanaky ny faritra voakasika ireto. Antony, araka ny fanazavana dia satria tsy misy afa-tsy famonoana olona sy fanimbana tontolo iainana fotsiny ity tetikasa ity. « *Maina ny tany manodidina ny toerana misy ilay orinasa. Sahirana ny olona sy ny biby ary ny zavamaniry vokatr'izany ka fihariana maro no potika. Tsy mitondra tombontsoa ho an'ny vahoaka maro an'isa any ifotony araka ny voizina etsy sy eroa mihitsy io fitrandrahana io. Tsy vitan'izany fa ampiasaina amin'ny fanamboarana fitaovam-piadiana mahery vaika toy ny baomba atomika ny akora trandrahana ao amin'io orinasa Base Toliara io ka ahoana no anekena izany* », hoy hatrany ny fanazavana.

**Mamy R.**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Ben'ny tanànan'Ankilimalininke

# Miantso kandida hifaninana amin'ireo mpanohitra Base Toliara

Tsy mety tapitra ny disadisa mikasika ny raharaha Base Toliara. *"Mangataka amin'ny Filoham-pirenena, Andry Rajoelina, ny tenako mba hirotsaka hofidiana amin'ny fifidianana manaraka, satria ireo mpanohitra ny tetikasa Base Toliara dia efa manana ny kandida manokany. Ireo mpanohitra ireo anefa tsy hifidy ny filoham-pirenena mivoaka mihitsy. Mila asa izahay matoa mitaky ny fanokana ny Base Toliara. Mamely mafy ny tsy fandriampahalemana manoloana ny tsy fisian'ny asa. »*, hoy ny Ben'ny tanànan'Ankilimalinike, Longin Mahatoro. Nisy ny fiaraisankianan'ny vahoaka tao an-toerana ho fanohanana ny fitakiana iombonana, nandritra ny hetsika fifampiharabana nahatratra ny taona vaovao niarahan' ny fokontany 14 tamin'ny herinandro lasa teo. *"Tsy maintsy mitambatra izahay ho an'ny tombotsoa iombonana. Izany no mahatonga anay mivory eto androany ho fanehoana firaisankina, indrindra fa ho an'ireo mankasitraka ny tetikasa Base Toliara. Mila fampandrosoana lovain-jafy ho an'ny taraka fara mandimby izahay. Tsy misy orinasa goavambe mihoatra an'ny Base Toliara aty aminay, koa mangataka amin'ny Filoham-pirenena mba hanokatra ity tetikasa ity."*, hoy i Davida Ramanoely, mponina ao Ranobe, fokontany misy ny fitrandrahana. Miandrandra ity tetikasa ity avokoa ny ankamaroan'ireo vahoaka ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana na dia misy aza ireo mijoro ho mpanohitra. Resy lahatra izy ireo fa tsy misy afa-tsy Base Toliara no afaka hamaha ny olan'ny tsy fananana asa sy ny tsy fandriampahalemana ary ny fampandrosoana ny an-toerana.

**R. Muray**

Urban Trail

# Hiadiana amin'ny polio ny vola rehetra azo

Ho tanterahina ny 16 aprily 2023 ny hetsika Urban Trail izay karakarain'ny Rotary Club Antananarivo Mahamasina ary hanasan'izy ireo ny rehetra, fianakaviana, olon-tsotra, fikambanana, orinasa ary mpikambana eo anivon'ny Rotary. Hatokana hiadiana amin'ny polio ny vola rehetra voahangona mandritra io fotoana io. Hazakazaka karakarain'ny Rotary Club Antananarivo Mahamasina isan-taona izy ity ary miditra amin'ny andiany fahenina isika amin'ity taona ity. Araka ny fanazavan'ny mpikarakara: *"Hazakazaka hiainga eo amin'ny Zone Zital Ankorondrano, hihazo an'i Marais Masay ary miverina eo amin' ny Zone Zital Ankorondrano ny farany. Afaka zaraina roa ny hetsika dia hisy ny 7km ho an'izay tsy mahavita hatramin'ny farany ary ny 14km ho an'ireo matanjaka sy salama."* Mazava ho azy, misy ny fandraisana anjara ary entanina ireo orinasa sy fikambanana fa misy kosa anefa ireo mpianatra avy eny anivon'ny Asama izay mahazo fanampiana manokana avy amin'ny Rotary Club Antananarivo Mahamasina no nasaina manokana handray anjara maimaimpoana. Anisan'ny firenena mbola ahitana ny lefakozatra ny eto Madagasikara sy ny any Pakistan ka izany no mbola anentanana ny ray aman-dreny hanao vaksiny ny zanany hatrany satria io irery no fomba afaka hisorohana izany polio izany. Sekoly Asama izay miezaka mamerina an-tsekoly ireo mpianatra nitsoaka an-dahatra sy mampianatra mamaky teny sy manoratra ka hatramin'ny niandohany tafakatra 3 600 ireo mpianatra tafaverina am-pianarana noho ny famatsiambola nataon'ny Rotary Club Antananarivo Mahamasina.

**Nath**

SECES sampana Antananarivo

# Miantso ny olom-pirenena hanao hetsika ara-dalàna

*"Miantso ny hetsiky ny olom-pirenena manara-dalàna ary tsy misy herisetra izahay. Ny antony dia adidintsika ny manosika ny mpitondra na iza izy na iza hametraka vidin-tsolika mora sy hanao izay hamatsiana ny Jirama. Tsy maintsy ny mpitondra Malagasy avy hatrany na iza eo na iza eo no mitantana tanteraka ny anjara solikantsika. Aza adino ry Malagasy fa fehezin'ny fivaroratana ny fanaparitahana eto an-toerana ka ho: 450 Ar ny KWH ny herinaratra. Midina amin' izay ny faktiora isantokantrano. 1500Ar/litatra ny gasoil miainga ao Tsimiroro ary 2500 Ar/litatra raha lafo indrindra eny amin'ny toby mpaninjara solika. Hihena ny saran'ny fitaterana andranomasina na olona io na entana. Ireo vidin-tsolika ireo dia tsy hiaka-midina lava intsony ka hanampy ny mpandraharaha Malagasy ary hisintona ny mpampiasa vola vahiny"*, hoy ny SECES sampana Antananarivo raha ny tohin'ny fanehoankevitra aroson'izy ireo mikasika an'i Tsimiroro. *"Miantso ny olom-pirenena tsirairay sy ny vahaoka hiaro io harem-pirenena io ary hanara-maso akaiky izany, indrindra ny vola mihodina ao izahay Sendikàn'ny mpampiantra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra eto amin'ny sampana Antananarivo ary manentana ny Malagasy hoe araho sy tilio dien'izao hoe iza no Filoha hapetraka hanatanteraka ireo teboka sy hevitra narosonay ireo"*, hoy hatrany ny SECES sampana Antananarivo. Ambava homana am-po mieritreritra, aza atao toy ny tolo-kena maty jiro .... Ny ampitso ka tsy manantsafidy akory isika Malagasy.

**Heriniaina A.**

Fambolen-kazo 2023 -Star


# Zanakazo 20 000 novolena tetsy Andranovelona sy Vakinankaratra

Nosafidian'ny orinasa Star hanatanterahana ny fambolen-kazo amin'ity taona 2023 ity Andranovelona sy ny faritra Vakinankaratra. Zanakazo 20 000 no nambolena tamin'ireo toerana izay misy ny ozinina sy ny masoivohon'ny Star. Zavadehibe ho an'ny Star tokoa mantsy ny tontolo iainana ka eo anoloan'ny fiovaovan'ny toetry ny andro sy ny fahasimbana misy, mahatsapa fa zava-dehibe ny fanarenana izay miainga amin'ny fambolen-kazo. Tsy vao tamin'ity toana ity ihany fa hetsika efa fanaon'izy ireo isan-taona ny toy izao. Karazan-kazo samihafa no novolena ka anisan'izany ny kininina, ny frena, ny zakaranda, ny akasia sy ny maro hafa. Tanjona ny hamoronana ala misy zava-maniry samihafa araky ny filàn'ny toerana sy mba hahafahan'ireo zava-maniry ireo haniry tsara. Tsy maintsy tsirihina sy araha-maso ireo hazo natsatoka ka misy olona natokana hiambina sy hikolokolo ireo hazo rehetra nambolena izay natao ao amin'ny faritry ny Star. Voalaza fa manana tanin-janakazo izay nokarakarain' ny Star manokana tamin'ny alalan'ny Malto Antsirabe ary ireo no nalaina nambolena ho fanampin'ireo zanakazo any Andranovelona. Misy zanakazo hatrany amin'ny 90 000 isa ao amin'ity toerana ity ary ahitana karazan-kazo 10 samihafa. Hazo izay nahafahana nandrakotra velarantany manodidina ny 20 hektara manerana ny Nosy. Natao izany tanin-janakazo izany mba hahafahana mamatsy ireo toerana fambolen-kazon'ny STAR sy entina mamaly ny fangatahin'ireo mpiray ombon' antoka sy fikambanana samihafa miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana.

**Nath**

Tetikasa "Hazavao ny elakelan-trano"

# Natomboka teny Andohanimandroseza



**Nazava avokoa ireo elakelan-trano teny Andohanimandroseza.**

Vina goavana napetraky ny fitondram-panjakana ny hanome hazavana ho an'ny daholobe. Natomboka tamin'ny alakamisy hariva teny amin'ny Fokontany Andohanimandroseza, Boriboritany faharoa, ny tetikasa "Hazavao ny elakelan-trano". Jiro "Cobras" teo amin'ny 20 no napetraka tamin'ny elakelan-trano isaky ny 50 metatra tao amin'ny kartie Andohanimandroseza Ambany Avaratra. *"Zava-doza ny tsy fandriampahalemana taty aminay fony mbola tsy nisy jiro. Misy tranga tsy fandriampahalemana foana isan'andro isan'andro. Iraha-mahalala fa toerana mafanafana ao anatin'ny boriboritany faharoa ny ety. Ny vaky trano sy ny fanendahana ary ny hala-botry no tena ahazoana fitarainana matetika. Misaotra ny fanjakana nitondra ny hazavana taty aminay fa tena hanampy amin'ny fampihenana ny tranga tsy fandriampahalemana izany."*, hoy Randriamandimby Nirina, filoham-pokontany Andohanimandroseza. Tonga nitsidika ireo elakelan-trano nametrahana ny jiro teny an-toerana ny Minisitry ny angovo sy ny akoranafo, Solo Andriamanampisoa. *"Amin'ity taona ity, dia hohazavaina avokoa ny elakelan-trano rehetra ao anatin'ny renivohim-parintany enina manerana ny Nosy. Rehefa toerana misy andrin-jiro dia ametahana takamoa avokoa, ary omena fihenam-bidy 20 000 Ariary amin'ny saran'ny jiro aloany mandritra ny herintaona ka hatramin'ny roa taona ireo tompon-trano manaiky hametrahana jiro mpanaza amin'ny rindriny. Efa vita ny fanisana ireo tokantrano marefo hisitraka ny fampidirana jiro amin'ny sarany mirary, koa 25 000 ireo hisitraka amin'ny tapany voalohany ary 100 000 ao anatin'ity taona ity. Kojakoja famatsiana herinaratra mandeha amin'ny herin'ny masoandro teo amin'ny 170 000 no efa nafarana, ka hozaraina manerana ny Nosy ary heverina haparitaka amin'ny tokantrano 1 tapitrisa any ambanivohitra manerana ny Nosy."*, hoy ny Minisitra Solo Andriamanampisoa. Marihina fa efa nisitraka hazavana an-dalambe sy an'elakelan-trano ny tany 67 Ha Avaratra Atsinanana, Behoririka, Alasora, Bemasoandro, Fenoarivo, Ankadimbahoaka, Ambatobe, Anosizato Atsinanana, ary Alakamisy Fenoarivo.

*Hoentina amin'ny renivohi-parintany enina manerana ny Nosy.*

**R. Muray**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06

Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo

Tél.: 22 697 79 / 22 697 80

Fax. 22 273 51

e-mail:midigazetikom@gmail.com

D.L.I.: 15 956 - 02 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

**Nofon-kena kisoa miaraka amin'ny caramel**

Zavatra ilaina : hena kisoa, atody, siramamy mena, sakamalaho, menaka

Fomba fandrahoana azy : andrahoina amin'ny korany ny atody ka rehefa masaka dia voasana ary tetehina. Tetehina atao manify ny nofon-kena. Tetehina ihany koa ny sakamalaho. Atao anaty lapoaly ny siramamy dia andrahoina ary haroina matetika. Rehefa mahazo loko iny dia asiana rano kely ary afangaro tsara mba hahazoana caramel. Rehefa izay dia hafanaina ao anaty vilany mandritra ny 2mn. Arotsaka ny menaka avy eo. Arotsaka manaraka ny nofon-kena. Andrahoina mandritra ny 5mn ary afangaro matetika. Asiana rano 2 vera. Asiana ireo hanitra isan-karazany. Asiana ireo atody avy eo ary azo aroso.